Asaramanitra teny lavoloha

Sambany tsy natrehana Praiministra am-perinasa 3

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 8 janoary 2019 | Laharana 858 | Vidiny : 400 Ar

I Korintiana 3: 16-17 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 100), Madagasikara 05 janoary 2019

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

HCC, Filoha Ravalomanana 2

Soa iombonan'ny Malagasy no tadiavina

Orinasan-tseraseran'i Mbola Rajaonah 2

May ny RLM Communication

MINISITRA TIM 6

Miantso ny governemanta handà ny herisetra

Sefafi 3

2018, taom-pifidianana nahitana fangalarana tsy roa aman-tany

Tranga 6

Tovolahy mpidoroka jamala, maty novonoin'ny rahalahiny

Angôvo 7

Mikatso ny asa aman-draharaha noho ny delestazy lavareny

Daka kely

Mahana angaha no toa tsy sahy nankeny Iavoloha nareo ry Boaïkely a !

Tranombarotra Baolai 6

Maro ireo azo atao fanomezana amin'izao taom-baovao izao

FILOHA RAVALOMANANA

Soa iombonan'ny Malagasy no tadiavina fa tsy ho ahy irery

Nahazo fanasana ary niatrika ny lanonan'ny Asaramanitra teny amin'ny lapam-panjakan'Iavoloha omaly, ny kandidà Filoha Marc Ravalomanana, niara-dia taminy tamin'izany Ramatoa Lalao Ravalomanana vadiny, izay sady ben'ny tanànan'Antananarivo. Izao fihetsika izao no manaporofo fa tena ray aman-drenin'ny Malagasy marina i Dada, tsy miolonolona fa vonona hatrany hihavana amin' ny Malagasy rehetra, tsy toy ny kandidà Andry Rajoelina, tsy nipoitra teny lavoloha na nahazo fanasana aza, fotoana ihany koa anefa ireny tokony ho nisehoany teny raha tena nanao ny marina izy ka mihevitra ny ho lany Filohampirenena. Matoa tsy sahy niseho sehatra vory vahoaka toy ireny dia ao raha. Fa tao aorian'ny lanonana, nitafa fohy tamin'ny mpanao gazety i Dada, nambarany tamin' izany fa hiatrika ny lanonam-pitsarana hamoahan'ny HCC ny vokapifidianana fihodinana faha-2, etsy Ambohidahy izy anio tolakandro. Soa iombonan'ny Malagasy no katsahana hoy izy fa tsy ho ahy ireny. Nilaza izy fa matoky tanteraka ny HCC, matoa ihany koa aho izy tsy tonga teny an-kianja dia ho fanajana ny lalàna izany, ireo olona mitaky ny fahamarinana sy ny safidiny hoy izy no mandeha amin'ny nahim-pony mankeo amin'ny kianjan'ny 13 mey. Nosoritany fa efa samy nanamarika ny tsy fetezana sy hosoka ary halatra tamin'iny voka-pifidianana vonjy maika navoakan'ny CENI iny ny rehetra, toy ny : filohan'ny FJKM, ny fiarahamonim-pirenena, ny olon-tsotra, … Na izany na tsy izany, miandry am-pitoniana ny vokatra havoakan'ny HCC isika, matoky ireo ao amin'ity andrimpanjakana ity aho hoy izy, ary mino aho hoy izy fa tsy maintsy hivoaka foana ny marina. Nolazainy tamin'izany ny fisian'ny biletà tokana tsy nisy nomerao, ny taha-pavitrihan'ny mpifidy nihoatra ny 100%, ny vaton'ny N°25 lasan'ny N°13,…

Isambilo

Olana amin'ny fifidianana

Olona 6 naratra mafy vokatry ny fifandonan'ny k25 sy ny 13

Nifandona ny mpanohana ny K-25 sy ny mpanohana ny laharana faha-13 ny faha-28 desambra 2019 lasa teo tao amin'ny Station, kaominina ambanivohitra Ambohitsilaozana. Fantatra fa niisa 6 ireo naratra mafy vokatr'io fifandonana io. Nandeha namonjy toerana fisotrosotroana ireo mpanohana ny laharana faha-13 tamin'io andro io rehefa nahare fa nitarika ny kandidà notohanan'izy ireo. Efa tao amin'io toerana io anefa ny mpanohana ny laharana faha-25 (K25), izay samy nanalanala azy. Raikitra ary ny fifandrangitana tao an-toerana izay niafara tamin'ny fifampikasihan-tanana raha ny voalazan'ireo avy any an-toerana. Vokany, nisy ny niantso vonjy ireo mpifanandrina ka nahavory lanona ny vahoaka izay narahin'ny tarik'izy ireo avy. Niitatra araka izany ny fifanjevoana izay lasa ady saritaka. Nisy ny tapaka ny ravintsofiny ary nisy kosa ny voa mafy tany amin'ny andilany izay samy voatery nentina namonjy toeram-pitsaboana avokoa. Nifampitana tao na ny leilahy na ny vehivavy ary samy nahitana voa mafy avokoa. Niditra nanelanelana ny ray amandreny tao an-tanàna saingy tsy nilamina ny raharaha ary voatery niakatra tany anivon'ny mpitandro filaminana. Ireto farany no niezaka ny nandamina ny roa tonta avy eo. Efa nanomboka tany amin'ny fampielezan-kevitra no efa nifampihantsy ny roa tonta raha ny fanampimbaovao voaray ary fantatra ihany koa fa efa nialohavan'ny lonilonimpiainana teny anivon'ny fiaraha-monina andavanandro io raharaha io. Hatreto aloha dia nilamindamin-dratsy ny raharaha.

Raoul

Serasera

May ny RLM Communication an'i Mbola Rajaonah

Ny fahamaizina tetsy amin'ny RLM Communication Ankorondrano.

May kila forehitra ny birao misy ny RLM Communication an'i Mbola Rajaonah etsy Ankorondrano. Omaly maraina vao mangiran-dratsy no nitrangan'izao loza izao, nanomboka tamin'ny 01 ora teo no nitrangan'ny firehetana. Naharitra ora vitsivitsy vao voafehy ny afo. Orinasa mamelona olona an-jatony miampy ny ankohonany tsirairay avy ny orinasan-tserasera RLM Communication, izay ahitana ny Gazety Triatra Madagasikara, La dépêche de Madagascar, La ligne de Mire, Lachasse-info.com, 24h Mada, ary ON Air Tv- Radio, sy ny AZ- Tv sy Radio. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra, nanaovana fampiasam-bola na "investissement" an-tapitrisany ity orinasa ity, ka tsy hanao fanahy iniana handoro ny tenany ny ao amin'ity orinasa ity. May tsy nisy noraisina tao avokoa ireo entana sy fitaovampiasana toy ny ordinateur, ny tele, ny imprimantes, ny fakan-tsary, ny serveurs sy ny birao rehetra. Tsy marina ireo lainga iniana aely fa navoaka mialoha ireo entana. Mbola tsy fantatra hatreto ny niavian'ny afo. Raha ny fandinihan'ny mpanara-baovao azy, misy ifandraisany amin' ny poltika izao fahamaizana izao. Ny alahady tolakandro lasa teo, nisy ny karazana fandrahonana nataona depiote Mapar iray, ny alin'io andro io no nitrangan' izao loza izao. Gazety iray mpiara-dia amin'i Andry Rajoelina ihany koa no nilaza fa mitady handadilady any amin'i Andry Rajoelina i Mbola Rajaonah, mety tsy marina izany vinavinan'ny Mapar izany, fa i Andry Rajoelina mihitsy no mety mitady an'i Mbola Rajaonah, mba tsy hanenjika azy intsony ireo gazety sy haino amanjerin'ny RLM Communication. Tsy manaiky ity filoha tale jeneralin'ity orinasa ity, ka izay no mety nahatonga izao trangan-javatra izao. Mitohy ny fanadihadiana, ka ho hitantsika eo ihany ny marina momba izao raharaha izao, dia ho sanatria ve ka mitombina ilay fitenenana hoe:"eto Ramaka, ka may ny tanàna?"…

Ny Valosoa

Liva, Kmfb

Ny ratsy sy ny maizina no hitondra raha sanatria ka mandresy Rajoelina

Amampolo taona maro i Madagasikara no teo ambany vahohon'ny mpanjanatany hoy Liva avy amin'ny KMFB na Komity Miaro ny Fiainam-Bahoaka. Ny fanandevozana, fahantrana, sorona, famonoana teratany Malagasy, fivarotana tanindrazana , tsy fahandriampahalemana, kolikoly, sy ny zava-dratsy marobe tsy ho voatanisa no niainan'ny malagasy nandritra izay fotoana lavabe izay, kanefa dia anisan'ny Nosy sy Firenena manan-karena indrindra eto ambonin'ny tany i Madagasikara. Tsy ny ara-toe-karena ihany anefa no voageja tamin'izany, fa ny ara-batana sy ny ara-panahin'ny isambatan'olona mihitsy ihany koa. Fitaovana lehibe nentin'ny mpanjanaka nanatanteraka ny pôlitika fanjanahana teto izany ny «Franc-maçon «. Ho an'Andriamatoa Rajoelina manokana, dia sady tsy hainy manazava akory ilay hoe : IEM, no sady tsy lazainy amin'ny mpanara-dia azy hoe avy aiza io programa io ? Tsy nolazainy hatramin'ny farany ihany koa ny fiavian'ireo vola be nanaovany propagandy sy izay ho mpamatsy vola azy raha izy no ho lany filoha eo. Mazava noho izany fa ny ratsy sy ny maizina rehetra miaraka amin'ny franc-maçon izany no hitondra ny firenenao ry malagasy raha tsy mifoha ianao raha Rajoelina tokoa no sanatria ho lany eo. Tsotra be ny fomba famantarana ny asan'ny maizina hoy izy. Tsy sahy miresaka fahamarinana izany mihitsy izy. Raha ny rariny sy hitsiny amin'izao toe-draharaha misy eto amin'ny firenena izao anefa, dia tokony hiaraha-mikaroka ny marina rehetra mikasika iny fifidianana iny, dia mivaha ny olana. Nahoana anefa Andriamatoa Rajoelina sy ireo mpanara-dia azy no matahotra fatratra an'io marina io? Etsy ankilany kosa Andriamatoa Ravalomanana izay manaiky ny hatao fitaovana hitarika, hijoro sy hitaky ary hikaroka izany fahamarinana izany miaraka amin'ny vahoaka malagasy tia tanindrazana rehetra sy ireo fikambanana marobe tsy hita lany. Tsy maintsy resana ny tsy rariny sy ny bontolo anavotana ny firenena tsy ho eo ambany vahohon'ny fanjanahantany intsony. Tolon'ny vahoaka malagasy tia tanindrazana rehetra noho izany ny eny amin'ny kianjan'ny 13 mey, fa tsy tolon'ny antoko TIM na ny K25 ihany. Tsy tolon'ny députés sy minisitra izay zatra nanodinkodina ny tolom-bahoaka teny amin'ny MAGRO nanomboka ny taona 2009 sy ny teny amin'ny kianjan'ny 13 mey ny 21 aprily, izay zatra mpitady vola sy toerana, ka mbola mihevitra hivarotra an-dRavalomanana sy hamadika izany tolona izany indray, fa tena tolon'ny vahoaka malagasy marina tokoa, na mpino na tsy mpino, na sivily na miaramila, na eto an-toerana na any ivelany. Noho izany, hafatra avy amin'ny KMFB : andro vitsy dia vitsy no mba angatahan'ny firenena amiko sy aminao ho tonga maro eny amin'ny 13 mey mandrapaha-hitantsika ny marina izay hanavotantsika miaraka ity firenena malalantsika ity. Samia manao lamina isam-pokontany ho tonga maro, satria tokoa « ny marina mitavozavoza, tsy maharesy ny lainga tsara-lahatra".

Nangonin'Isambilo

TONONKALO

Fa ity hala-bato

Raha halatra atody leferina ihany
nefa na 'zany efa halatr'omby:
samy halatra tsinona!
Aoka tsy hataontsika ho "tsy maninona"
Satria... tandremo (tantara faheno) fa:
atody nakotrika lasa akoho,
akoho maromaro mahazo kisoa
ny fiompiana mahomby:
kisoa vitsivitsy mivadika omby
nefa… atody IRAY!

Dia torak'izay ny safidim-bahoaka:
VATO AN'KIRAY!
Ireny mitambatra TSY notefena,
TSY nanitsahana Zo sy Lalána,
no mametraka 'zay ho Filoham-pirenena,
tian'ny vahoaka omem-pahefana
MARINA, madio, mangarahara

Fa misy ankehitriny tsy te hahalala
Ny zo ary koa ilay safidim-bahoaka
dia namboamboatra

Vato tsy iray izao no nisy "namboatra",
nampiany anankiray,
dia nampiany anankiray,
dia nampiany anankiray
Ka hosoka tatsy,
voavidy taroa,voageja ny zo:
Dia izao no manjo:
Mpangalatra indray no mitady ho loha.
Tsy hosoka kosa no enti-mahomby e

Tsy kilalao fa ity FIRENENA:
Lazainao fa tiana kanefa angalarana,
Dradrainao fa mamy kanefa anamparana
fitiavan-tena

Tsy kilalao fa ity VAHOAKA:
Lazainao havotana nefa itsahina
Dradrainao harovana nefa fitahina

"Loza!"Hosoka no ampiasaina hahalany:
fanambaniana vahoaka aman-tany!
Ireto vahoaka tsy hajaina feo,
Mainka dia hiditra kizo avy eo.

Atody anankiray ho'aho: miteraka omby
Vato "nahodina" dia hoe "nahomby"?
Tsy rariny izany, tsy ekena intsony
vahoaka tsindrina amin'ny vola eo ambony

Leferina ihany raha halatra atody
Fa ity HALA-BATO ka tsy avela ho tody.

NATIORA
05/01/2019

Ny Valosoa sy hadihady

HCC : miandry ny voka-pifidianana araka ny fahamarinana ny Malagasy

Misavorovoro ny fiainam-pirenena sy ny fiainan'ny Malagasy amin'ity andro iandrasana ny voka-pifidianana ofisialy havoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ity. Tsy fantatra intsony iza no manome baiko ireo "herim-pamoretana" manaparitaka ny vahoaka amin'ny alàlan'ny baomba mandatsa-dranomaso sady manenjika ny olona hatrany anelakelan-trano rehetra any. Mampahatsiahy ny tamin'ny taona 2009 satria toy ny "FIS" misaron-tava mainty ireo mitaingina fiara 4x4 an'ny "brigade anti-gang", kanefa tsy mpangalatra ny mpitaky ny fahamarinana eny an-kianjan'ny 13 Mey. Mazava ho azy fa izay manome baiko ireto zandary sy polisy ary miaramila ireto dia matahotra mafy ny hisehoan'ny marina rehetra momba ny hosoka sy hala-bato nandritra ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa iny. Tsy vitan'ny fanaparitahana amin'ny alàlan'ny baomba mandatsa-dranomaso intsony ny raharaha fa efa misy koa ny fisamborana, ka hamoronana vesatra hanamelohana azy ireo voasambotra, ka hafainganina ny fanolorana azy ireo ny fampanoavana eny amin'ny fitsarana nanomboka omaly. Tsy vitan'izany fa efa manomboka ihany koa ny fandorana foibe haino aman-jery iray ka andro vitsy taorian'ny fanambaran'ny minisitry ny serasera fa hakatona izay onjampeo mandranitra fifankahalana sy fampiadiana foko. Tsodrano no nomen'ny ben'ny tanàna tamin'ny taona 2009 rehefa nandrisika ireo mpanaradia azy izy tamin'izany fotoana izany. Iaraha- mahatadidy ny nandorana ny onjampeom-pirenena sy ny fahitalavi-pirenena, sy ny nandorana ny MBS tamin'izany, izay nampangaina fa nitongilana tamin'ny fitondran'ny filoha Ravalomanana Marc. Tato anatin'ny herinandro vitsivitsy anefa dia misy onjampeo tena mivoy fifankahalana sy fifandrafian'ny samy Malagasy. Tsy mbola hita aloha hatramin'izao izay nataon'ny minisitry ny serasera fa noho ny fisian'ny hetsika sy ny fisamborana dia ny onjampeo miezaka mamoaka ny marina sy ny zava-misy indray no toa hampitahorina. Efa mirona sy miaina ny "velirano" koa, angamba, ny minisitra na dia minisitra HVM aza. Raha ny tranga rehetra ankehitriny tokoa no dinihana dia fomba fiadin'olona iray ihany izay nitranga tamin'ny taona 2009 sy ny mitranga amin'izao fotoana 2019 izao. Angamba, mety ho sarotra ny haniraka miaramila tsotra hibaiko ny minisitry ny Fiarovam-pirenena toy ny tamin'ny taona 2009 dia mbola natao izany. Raha ny lahatsoratra navoakan'ny gazety an-tsoratra tamin'ny sabotsy lasa teo tokoa no fakafakaina dia niampanga mivantana ny Minisitry ny Fiarovana amin'izao fotoana ho miandany amin'ny "fahavalo" izay heverina fa ireo olompirenena mitaky ny fahamarinana etsy amin'ny Kianjan'ny 13 Mey no lazainy fa fahavalo. Tsy mahagaga araka izany raha toy ny any ambavahady ka mifanandrina amin'ny fahavalo tokoa ireo zandary sy polisy ary miaramila izay mirongo basy etsy amin'ny kianjan'ny 13 Mey. Tsapa fa tamin'ny fotoana nandalovan'ny fiara 4x4 miloko fotsy misy fitaratra mainty, nataona fiara'ny tafika roa tao afovoany, nijanona teo anoloan'ny "parvis" no nanomboka ny fanipazana baomba mandatsa-dranomaso izay mampahatsiahy ihany koa ilay manamboninahitra nalaza tamin'ny taona 2009. Misy gazety an-tsoratra nivoaka omaly ihany koa namoaka fa misavoritaka ny eo anivon'ny K25. Raha ny zava-misy etsy amin'ny Kianjan'ny 13 Mey anefa dia izay manome baiko ireo zandary sy miaramila ary polisy, izay fantatra amin'izao fotoana izao fa ny praiminisitra Mapar, no tena mihorohoro, ka ny fampiasan-kery sisa no heveriny fa tsy hampivoaka ny marina. Ny tokony ho fantatra dia ireo olompirenena mihetsika manerana ny Nosy izay mitaky ny hamoahana ny marina dia efa vonona sy sahy ary maneho fitiavan-tanindrazana amin'ny fijoroana amin'ny fiarovana ny safidiny. Ny fahamarinana tokoa no manandratra ny Firenena.

Andry Tsiavalona

Sefafi

2018, taom-pifidianana nahitana fangalarana tsy roa aman-tany

Hijanona ao amin'ny tantaram-pirenena ho taonan'ny tsy fahaiza-manao, ny kolikoly sy ny ronono an-tavy ary ny fangalarana tsy roa aman-tany ny taona 2018. Ny mpandray anjara tamin'izany dia ny fiarahamonina politika, ary ny kianja filalaovany dia ny fifidianana filohan'ny repoblika. Tantara sady mampangitakitaka no mahatsikaiky ahitana fizarana dimy…

1. Lisitry ny mpifidy tsy feno ary nahodinkodina

Ny dingana voalohany indrindra tsy azo ialana amin'ny fanatontosana ny fifidianana dia ny fahalalana ny isan'ny olompirenena afaka mifidy. Ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) no miandraikitra ny fandrindrana ny fifidianana ary namporisihina izy hanao izay hahatraran'ny isan'ny mpifidy ho 10 tapitrisa, ka ny voaisany dia 9. 913. 599 tamin'ny septambra 2018. 25 tapitrisa eo ho eo no isan'ny mponina eto Madagasikara, ary 18 no salanisan'ny taonany. Koa nankaiza ary ny mpifidy 2 ka hatramin'ny 3 tapitrisa tsy voaisa - izany hoe 1 amin'ny mpifidy 5 ? Ankoatra izany, tamin'ny andro nandatsaham-bato, maro tamin'ny olom-pirenena no tsy nahita ny anarany tao amin'ny lisi-pifidianana. Ary raha ny fahavitrihana hifidy, tsy tonga nandatsa-bato ny olom-pirenena 3 amin'ny 5 tamin'ny fihodinana faharoa, hany ka mahia kaozatra ny tahan'ny fandraisana anjara izay tsy nisy afa-tsy 48%.

2. Fandrafetana ny fitsipi-pifidianana : lainga sy kolikoly

Tany Antsirabe, tamin'ny faran'ny taona 2017, ary ho mariky ny fahavononana, dia nisy tolo-kevitra momba ny fitsipi-pifidianana natolotry ny governemanta ny fikambanana iraisam-pirenena (PNUD) sy ny solontenan'ny fiarahamonim-pirenena. Ny fitambarany dia nety ho nahavitana dingana lehibe anankiray : famerana ny farany ambony amin'ny vola laniana ho an'ny fifidianana, fandraràna ny famatsiam-bola avy any ivelany, ny mangarahara amin'ny kaontim-bolan'ny fifidianana, sns…

Fa tsy hita tao amin'ilay tolo-kevitra napetraka teny Tsimbazaza tamin'ny 26 febroary 2018 nandritra ny fivoriambe tsy arapotoana nataon'ny Antenimiera ireo zava-bita tany Antsirabe ireo. Ary solombavambahoaka 56 no nandany ny lalàm-pifidianana ny 10 aprily rehefa avy « nampahazotoana »tamin'ny alalan'ny vatakely voasesika vola – tao amin'ny hotely le Paon d'Or etsy Ivato. Nisy solombavambahoaka 73 hafa nanjary mpanohitra tampoka rehefa avy nitavana tao amin'ilay rafitra nandritra ny efa-taona tamin'ny alalan'ny tsy fahatongavana mivory sy ny fanaovana rainazy politika, dia lasa nitarika fihetsiketsehana teo amin'ny kianjan'ny 13 mey (Lapan'ny Tanàna), namory vahoaka ka niteraka fahasimban-javatra sy faty olona.

3. Fankatoavana ny fitsipi-pifidianana : fanararaotam-pahefana sy fanafenan-javatra

Ny HCC no nanamarina raha tena mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana tokoa ireo lalàna nankatoavina. Nanandra-tena ho rafitra mpanao lalàna ny HCC ka avy dia nanova ny andininy sasany araka ny nahimpony. Koa ny lalàm-pifidianana lah. 2018-008, 2018-009 ary 2018-010, izay sady tsy feno no namboamboarina, dia navoakan'ny Filohan'ny Repoblika ny 11 mey 2018. Io peta-toko io izany no natao lalàna fototry ny fifidianana filohan'ny repoblika.

4. Ny fandehan'ny fampielezan-kevitra : fihatsarambelatsihy sy tsy fanarahan-dalàna.

Mbola tsy nanomboka akory ny fampielezan-kevitra dia efa nohitsakitsahin'ny kandidà matanjatanjaka ny fitsipika sy ny fahaiza-miaina. Mbola tsy nisy toy izany ny fanaovana fafy katrana ny vola, nampiasaina ny fitaovana faran'izay ahombiazana indrindra mba handresen-dahatra ny mpifidy : angindimby, 4X4, famoriam-bahoaka goavana, mpanakanto malaza, dokam-barotra, sns… Na dia nitaky mafy ny hampahafantarana izay loharanon'ireny vola tsy toko tsy forohana ireny aza ny fiarahamonim-pirenena dia kandidà madinika vitsy kely monja no mba nanaiky ny hisedra ny mangarahara.

5. Ny tsy ampoizina amin'ny fanisana vatom-pifidianana.

Ny fihodinana 1[e] dia nahitana toe-javatra iray sambany mba niseho : raraka ny filoham-pirenena am-perinasa, ka ireo mpifanandrina roalahy tamin'ny 2009 no niteronterona tery amboalohany. Fa ireo kandidà 33 sisa dia tsy nahazo afa-tsy ny isam-bato nifandanja tamin'ny tsy fahalalany ny asan'ny filohan'ny Repoblika. Fa ny mpifidy kosa dia nanaraby mafy an'ireo mitonona ho fiarahamonina iraisam-pirenena (UE, USA, UA, SADC, OIF…), izay sady tsy nahatakatra ny momba ny krizy tamin'ny 2009 sy ny voka-dratsiny izay tonga hatraty amin'ny 2018, no tsy nahatakatra koa ny naharesy ny kandidàny, Hery Rajaonarimampianina.

Ary indrindra, ny fihodinana faharoa dia nampiharihary ny tsy fananana kolontsaina ara-politika ho an'ny andaniny roa mifanandrina.

Ho famaranana, ny taona 2018 dia nahitana fa nihasimba izay tsy izy ny fiainana politika eto Madagasikara. Ny fihetsiky ny mpanao politika, ny an'ny antokony sy ny mpikatroka ao aminy dia porofo miharihariny tsy fananany etika : lainga sy fanaratsiana asandratra ho fahamarinana, ny tombontsoa manokan'ny mpitondra sy ny fianakaviany natao ambony lavitra noho ny tombontsoa iombonan'ny firenena, mihamitombo ny fanaovana kolikoly, ny fanodinkodinam-bola tonga hatrany amin'ny famonoana olona, ary izany dia manenika ny sehapiainana rehetra eo amin'ny fiarahamonina. Nefa ireo izay efa meloka satria nanapotika dia mbola afaka misitraka foana ny zony amin'ny maha olom-pirenena azy, mbola manohy mitana andraikitra ambony foana ary tsy maty manota tanteraka eo anatrehan'ny lalàna.

Nangonin'Isambilo

NY TENY FIAINANA

Ohabolana 8:13

Ny fankahalana ny ratsy no fahatahorana an'i Jehovah. Ny fiavonavonana sy ny firehavehana sy ny lálana ratsy ary ny vava fandainga dia samy halako avokoa.

Asaramanitra teny lavoloha

Sambany tsy natrehana Praiministra am-perinasa

Tontosa soa aman-tsara teny amin'ny Lapam-panjakana teny lavoloha omaly, ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra teo amin'ny Filoham-panjakana Rivo Rakotovao mivady, sy ny andrim-panjakana misy eto amin'ny firenena ary ireo masoivoho vahiny monina sy miasa eto amintsika. Ny nanaitra ny maro tamin'ity lanonana indray mkitoraka ity, tsy nanatrika izany lanonana izany ny Praiministra Ntsay Christian, izay sambany nisy teo amin'ny tantaran'i Madagasikara. Hatramin' izay, vory lanona hatrany teny amin'ity lapa eny Antananarivo Atsimondrano ity ireo filohana andrim-panjakana eto amin'ny firenena: ny Filohampirenena mazava ho azy, satria izy sy ny vadiny no arahabaina eny, ny Filohan'ny Antenimierandoholona, ny filohan'ny Antenimierampirenena, ny Praiministra, ny filohan'ny HCC (Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana), izay tsy tonga ihany koa omaly. Ho an'ity farany, tsy tonga izy satria manomana ny famoahana ny voka-pifidianana anio tolakandro. Fa ho an'ny lehiben'ny governemanta Ntsay Christian kosa dia tokony hitarika ny lanonana izy, satria efa herinandro no nahafantarana ny fisian'izao lanonan'ny Asaramanitra izao. Momba ity lanonana omaly ity ihany, tonga niatrika izany ny kandidà filoha Marc Ravalomanana, sy Ramatoa Lalao Ravalomanana vadiny, izay ben'ny tanànan'Antananarivo . Tsy tonga niatrika izany kosa ny kandidà Andry Rajoelina na nahazo fanasana aza. Raha ho an'ny Praiministra, nisolotena azy nandritra izao fotoana izao ny ministry ny fiarovam-pirenena, jeneraly Béni Xavier Rasolofonirina, tsy nisy novainy ny kabary efa nomanin'ny Praiministra Ntsay Christian fa novakiany araka izay efa voasoratra tao.

Isambilo

facebook NY VALOSOA VAOVAO

Tena fampihorohoroana no ataon'ny mpitandro filaminana etsy amin'ny 13 mey

Andriamihaja Kevin : iza amintsika tia tanindrazana no tsy malahelo na tezitra @ izao herisetra sy fampihorohoroana atao @ namantsika izao ? Mba tongava saina ianareo izay tsy hanampy anay hiady ny tsy rariny eto @ firenena ! raha sitrakao ny hitohizan'izao fampihorohoroana izao dia aza miraka aminay e! Samy ho tsarain'ny tantara isika .

Marthe Raharivelo : nahazo miliara t@ mpanambola ireo, alahelom-bahoaka no amelomany ny vady amanjanany.

Ramonjason Jean Dimitri : zao ve mb rariny, misy farany raha jiaby.

Rosa Guy Rangodonarison : fankahalana ny olona miaraka amin'ny K25 no anton'io. Ka aoka isika nifidy an'i Dada mba hiray hina tsara mafibe na TIM ianao na tsy TIM, na KMMR ianao na tsia, na K25 na tsia, na olon-tsotra ihany koa mirevy sy tena Tia an'i DADA ianao dia Ndao sikino ny lamba. Isika tsy naman'izay mihemotra.

Zoarinivo Andritiana : devoly franc-maçon miaraka amindRajoelina ireo.

Ravaoarisoa Tinah : zany mihintsy e.

Ravaoarisoa Tinah : rahampitso indray e aza adino ny 13 Mey rehefa avy mivavaka.

Da Solofo : efa tena tafahoatra kosa ranga le ataondry be baoty a! Misy farany raha jiaby.

Donato Ranjakamalala : mbo miseo mahay mamolaka tanana le zandary nefa ra hoentina otran'io tsy hahavita ninon'inona akory.... Mseo mlay tssss !!

Fafah Kadaka : courage ry mpiray tanindrazana, tsy maintsy mandresy ny marina.

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny lanonan'ny Asaramanitra teny amin'ny Lapam-panjakana lavoloha, omaly.

Ny fahamaizan'ny orinasan-tseraseran'ny RLM Communication tetsy Ankorondrano.

I Korintiana 3: 16-17

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 100), Madagasikara 05 janoary 2019

I Korintiana 3: 16-17 "Tsy fantatrareo va fa tempoliko JEHOVAH hianareo, ary ny Fanahiko mitoetra ao anatinareo? Raha misy manimba ny tempoliko, dia tsy maintsy ho simba izy; fa masina ny tempoliko JEHOVAH, dia hianareo izany."

Rafitra tsy natao tànana dia ny vatana izany. Ny fantatrareo dia ny Tampoly natao tànana narafitrareo ihany, kanefa na izany aza na ny natao tànana na ny tsy natao tànana dia ao anatin'ny Tempoly foana AHO JEHOVAH, ***Habakoka 2: 20*** = IZAHO JEHOVAH dia ao amin'ny Tempoliko Masina ary aoka hangina eo anatrehako hianareo ry tany rehetra. Izany hoe : tsy misy azonareo atao ny momban'ny rafitra nataoko fa AHY ireny ary izay tiako natao sy nandrafetako azy satria AHY. ***I Korintiana 6: 15a***. Moa tsy fantatrareo va fa momba an'i JESOSY Kristy ny tenanareo (Tempoly). Ny tenanareo no ankalazainareo AHY sy ideranareo AHY. ***I Korintiana 6: 20*** : Fa olom-boafidy hianareo koa mankalaza AHY JEHOVAH amin'ny tenanareo. Noho izany, aoka ny tenanareo ho AHY fa IZAHO



no nanao ny RAFITRA rehetra mahaolona anareo satria Tempoliko. IZAHO no mahalala ny Rafitra nataoko. Ny Rafitra dia Firaiketana sy Fitehirizana ary FIAINANA. Hoy JESOSY, **Jaona 2: 19** "*Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Ravao ity tempoly ity, ary amin'ny hateloana dia hatsangako indray izy.*" Nahatezitra ny Jiosy izany teniny izany, ***Jaona 2: 20*** "*Fa hoy ny Jiosy: Enina amby efapolo taona izay no efa nanaovana ity tempoly ity, ka Hianao va hahatsangana azy amin'ny hateloana*?". Fa ny tenany no Tampoly nolazainy. ***Jaona 2: 21*** "*Fa ny tenany no tempoly nolazainy*." Ity misy soratra sy teny tsy azon'ny olona, ***Marka 14: 58*** "*Izahay efa nandre Azy nanao hoe: Izaho handrava ity tempoly nataon-tanana ity, ary amin'ny hateloana dia hanangana hafa izay tsy nataon-tanana Aho.*" Ny Tempoly natao tanana dia ny tenanareo feno loto sy fahotana. Ravan'i JESOSY io, ny telo andro tao am-pasana sy ny nitsanganany tamin'ny maty no fananganana vaovao, indrindra moa rehefa manaraka ireo dingana dimy voalaza rehetra teo aloha. Rehefa voatsangana hianareo dia izay ilay tsy natao tanana fa natsangan'ny Rano sy ny Fanahy, ***Jaona 3: 5-6*** "*Jesosy namaly hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy.*" Ny dikany? Izany hoe: ny Tempoly dia Masina ary izay Masina no tafiditra ny Fanjakako, izay tafaala ao amin'ny fahotana no Tempoly, Fanjakana. Etsy ange anehoako sary hianareo, vatana Tempoly, vatana Fanjakana, saina Tempoly, saina Fanjakana. Jereo tsara ny sary fa io no Tempoly tsy natao tanana. Miainga amin ny rafitra hatrany. Ho hazavaiko aminao io sary io.

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

Boriboritany faha-4 (CUA)

Nisy may ny biraon'ny tsena Anosibe, vetivety dia voafehy ny afo

Ny alin'ny alahady 06 janoary 2019 teo tokony tamin' ny 12 ora alina dia nitrangana hain-trano tao amin'ny faritra ny tsenan'Anosibe. Tamin'ity indray mitoraka ity dia ny biraon'ny tsena no nisy nikasa handoro, soa ihany fa nisy ireo olona nifanampy namono ny afo teo an-toerana, ka vetivety dia voafehy ny afo. Raha ny hita maso teny an-toerana dia ireo antotan-taratasy mirakitra ny momba ny tsena rehetra sy taratasy hafa no may tamin'izany miampy ireo varavarankely sy ny fitaovana samy hafa. Araka ny tomba-maso hita dia fanahy iniana natao ity

Ireo antontan-taratasy may tao amin'ny biraon'ny tsena Anosibe.

loza ity, ka manamarina izany ny fisian'ny bidon misy lasantsy izay tao anatiny birao izay nisehon'ny loza , efa eo andalana amin'ny fanaovana fanadihadiana ny eo anivon'ny polisy nasionaly sy ny eo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) mitady ny marina momba ity raharaha ity.

Ny Valosoa

Profesora amin'ny Oniversiten'i Madagasikara

Manameloka ny fisakanana ny fitakiana ny marina tamin'ny fifidianana

Nangonin'Isambilo

Nanao fanambarana ny Collectif des Professeurs et Professeurs Titulaires des Univesrités de Madagascar, na fivondronan'ireo Profesora amin'ny Oniversiten'i Madagasikara, fa manameloka izy ireo ny fisakanana ny fitakiana ny marina tamin'ny fifidianana, mitsipaka ny hosoka sy ny halabato nisy.

FANAMBARANA

Izahay Ray aman-dReny, Collectif des Professeurs et Professeurs Titulaires des Universités de Madagascar dia manara-maso akaiky ny fiainam-pirenena ka manao izao fanambarana izao:

Mampahatsiaro fa zava-dehibe ny fifidianana satria ny vahoaka masi-mandidy ihany no manome ny fahefana ho eo am-pelatànan'ny olona iray. Tsy mety ary tsy mendrika ny vahoaka malagasy noho izany, sady fanitsikitsahana ny zony hanendry ny olona ekeny hitondra azy, raha misy tsy fahamarinana sy hosoka izany fifidianana izany.

Noho izany:

1- Manameloka ny fampiasan-kery sy herisetra atao amin'ny vahoaka izay mitady ny marina mikasika izay mety ho familiviliana ny safidiny ary tsy manana afa-tsy tanam-polo.
2- Melohinay ny fanampenam-bava rehetra iniana hatao mba tsy hisehoan'ny marina.
3- Melohinay izay rehetra mety ho halatra na hosoko nisy tamin'ny fifidianana satria fangalarana ny fahefana eo am-pelatànan'ny tompony izany.
4- Raha hosoka manko no mahalany izay Filoha eo, dia foana ny maha mpanabe anay ka aleo avoaka ihany koa ny lalàna milaza fa foanana ihany koa ny sazy ampiharina amin'ny mpianatra rehetra tratra manao hosoka na tratra mangalatra any am-pianarana. (Lisea, Kolejy, Oniversite...)
5- Melohinay mafy dia mafy araka izany izay fandikana lalàna rehetra mifehy ny fifidianana.

Matoky ny HCC, izay andry farany, mba hikatseka tokoa ny rariny sy ny hitsiny ary tsy hihinana am-bolony fa tena hijery amin'ny antsipirihany izay mety ho tsy fahamarinana rehetra sady ho sahy hanasazy ireo rehetra izay nanao ny tsy mety, mba tena ho lesona hipetraka ity indray mitoraka ity.

Ny marina ihany no mora arovana sy tsara hanabeazana ny tanorantsika. Masina ny Tanindrazana.

Natao teto Antananarivo, androany 6 Janoary 2019.

Ny Filoha
Rakotomanana, Hajanirina
Professeur Titulaire

Collectif des Professeurs des Universités de Madagascar Professeurs Titulaires

Ny tompon'andraikitry ny serasera
Ravalison, François
Professeur Titulaire

Profesora Zokiolona

Ralaisoa, Rakotomahanina Emile
Professeur Emérite

TRANGAM-PIARAHAMONINA

Tovolahy mpidoroka jamala, maty novonoin'ny rahalahiny

Fomba fanaon'ny ankamaroan'ny fianakaviana avy any ambanivohitra aty amin' ny Distrikan'i Sambava faritra Sava ny miaramankalaza fety indrindra fa ny taom-baovao, anisan'izany ity tao amin'ny tanàna atao hoe Bemanevika ity, kaominina iray aty Sambava. Tapaky ny mpianakavy fa anjaran' ny tokantranon'ity Ray aman-dreny iray ity izay manan-janaka lahy mpifoka jamala no hanatontosana ny fetim-pianakaviana amin'ity indray mitoraka ity, Tonga ny andro nanantanterahana ny taom-baovaom-pianakaviana, tsy nisy nipoitra ny ankamaroan'ny olona noho ny tahotra an'ity tovolahy ity, hany ka tsy raikitra ny fety. Fantatr'ilay tovolahy anefa izany, ka tezitra izy, ary dia ny rainy niteraka azy no notetehiny ho vonoina, nifanenjika eran'ny tanàna izy mianaka, notorahany tavoahangy ity rainy ka naratra mafy tamin'izany. Marihina fa io tovolahy io dia mpanakorontana eo antanàna sy ny manodidina, efa maro ny heloka vitany, toy ny fandorana tranon'olona efa am-polony tao an-tanàna, efa nisy mihitsy fotoana nahavoatazona azy tany amin'ny Borogadin'ny Zandary tany an-toerana noho izy nandratra olona, nefa dia navotan'ny rainy ihany izy tamin' izany, satria mamy ny zanaka, Tamin'ity indray mitoraka ity anefa tsy matiny ny rainy, fa mbola afa-nitsoaka ihany. Raha nandre izany ny rahalahiny, izay mipetraka eny amin'ny vohitra manodidina dia tezitra, ka tonga niakatra teo an-tanàna. Ity tovolahy zandriny ity anefa mbola variana matoritory, ka tsy nisy alaharo fa dia vely kobay avy hatrany no niantefa tamin'ity farany, tsy nahahetsika fa voa tena tamin'ny fanaovana azy ary dia afaka ny ainy. Faly ny ankamaroan'ny olona tao an-tanàna satria maty ilay mpanakorontana. Efa eo ampelatanan'ny tompon'andraikitry ny filaminana ny raharaha amin'izao fotoana izao.

Zaka

Voka-pifidianana

Mbola nanadio tena indray ny CENI

Mbola nanadio tena indray ny CENI, na ny vaomieram-pirenena mahaleotena momba ny fifidianana, manoloana ny voka-pifidianana vonjy maika izay navoakany. Niala andraikitra ary nanadio tena ny avy eo anivon'ity vaomieram-pirenena ity, manoloana ireny tsikera niseho tao aorian'ny fifidianana ireny. Tsy mbola nisy fifidianana nadio sy nangaraharaha tahaka ny tamin'

Ireo lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny CENI.

ity fifidianana filoham-pirenena teo ity teto amin' ny tantaran'i Madagasikara araka ny nambaran'ny filohany, Hery Rakotomanana. Nomena fahafahana hanao fanamarinana, hampitovy ny PV, hanao fitsirihana ny "logiciel" nampiasain'ny CENI ireo avy amin'ny kandida tsirairay, mazava araka izany hoy hatrany ny CENI, nangarahara iny fifidianana iny. Niaiky kosa anefa izy ireo fa nisy ny lesoka nandritra iny fifidianana iny, ka hampiseho imasom-bahoaka ireo lesoka rehetra hita nandritra ny fifidianana izy ireo ny 24 janoary ho avy izao.

Ny Valosoa

Tranombarotra Baolai

Maro ireo azo atao fanomezana amin'izao taom-baovao izao

Amin'ny Vaninandro Taombaovao toy izao dia tsy vitsy izay te hanavao ny ao an-tokantrano, ary maro koa ireo izay tehanolotra fanomezana mendrika ho an'ireo akaiky azy, ao anatin'izany indrindra no hanohizan'ny Tranombarotra « Baolai » ny fihenam-bidy amin'ireo fahitalaitra fisaka sasany hatramin'ny 31 Janoary 2019. « Ho fanomezana fafahampo ny daholo be dia misy entana loha-laharana amin'ny kalitao hatrany vao tonga ato aminay izay azo atao fanomezana tsara (Ca-

Ireo entana maro samy hafa ao amin'ny Baolai.

deaux de Bonne Année), ao ny : panneaux solaires mono sy polychristalline, synthetiseur, four micro - onde, machine à laver, réfrigerateur, subwoofer, smart tv sy télé led: misy antoka 1 taona izay hita manomboka eo amin'ny 19 pouces ka hatramin'ny 100 pouces, caméra de surveillance à distance, lecteur divx /dvd, sns… » hoy ny tompon'andraikitra. Ny toerana ahitana Tranombarotra « Baolai » dia ao Bazar be Toamasina, Soarano: eo ampintan' ny Epp, ao amin'ny Seg, eo ampitan'ny firaisana voalohany sy Analakely: eo ampitan'ny CUA (eo akaikin'ny taxi - be 137), Avenue de l'Indépendance ary eo ampitan'ny Epp. Amin'izao taom - baovao izao, dia hiaraka hitorajafo am-pifaliana tokoa ny mpianakavy miaraka amin'ny entana tsara kalitao.

Aly

Minisitra TIM

Miantso ny governemanta handà ny herisetra

Governemanta vokatry ny tolona nataon'ny vahoaka niaraka tamin'ireo depiote 73, nitaky ny fanovàna ny 21 Aprily 2018 no nahatonga ny governemanta Ntsay Christian hipetraka eo amin'ny toerana misy azy amin'izao fotoana izao. Hanao fifidianana madio eken'ny rehetra no antom-pisianay hoy ny minisitra Tiako i Madagasikara (TIM) ao anatin'ny governemantan'ny marimaritra iraisana nahitàna ny minisitra Guy Rivo Randrianarisoa, Roland Ravatomanga, Napetoke Marcel ary Rahantasoa Lydia, raha nitafa tamin'ny mpanao gazety mahakasika ny toe-draharaha eto amin'ny firenena izy ireo omaly, tao amin'ny minisiteran'ny Indostria tao Anosy. Natao tsy hitanila na hijery olona sy antoko iray ny governemanta, fa hanatanteraka fifidianana amin'ny fomba mangarahara. Nanaja ny rafi-panjakàna izahay minisitra TIM hoy Guy Rivo Randrianarisoa na tsy nitovy aza ny hevitra, ary niezaka nandamina tao anatin'ny filan-kevitry ny minisitra. Nivoaka iny ny valim-pifidianana vonjy maika tao amin'ny CENI, maro ny fitarainana tamin'izany, ka nahatonga ny vahoaka hidina eny amin'ny 13 mey. Nandritra izany anefa dia nisy hatrany ny fanelanelanana natao tamin'ny Praiminisitra, ny foloalindahy, ka tao anatin'ny soa toavina maha Malagasy no nanatanterahana izany. Tsy izay anefa no nitranga fa lasa fampiasàna herisetra no nisy, koa tena nilàna fanapoahana baomba mandatsadranomaso ve ireny hetsika nataon'ny vahoaka ireny ? Hitanay hoy Guy Rivo Randrianarisoa fa tsy nilaina akory izany. Noho izany manomboka izao mangataka amin'ny governemanta iray manontolo izahay handà ny herisetra atao amin'ny vahoaka na mitaky ny marina izy na tsia satria izy ireo no tompon'ny fahefàna. Politika noho ny tolona no nipetrahana eto, ka aoka isika handà ny herisetra. Eto dia mangataka ny HCC izahay hoy ny fanambaràna mba hamoaka valim-pifidianana tena marina mba hisian'ny fitoniana eto amin'ny firenena.

Helisoa

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao :

NY LALÀM-PANORENANA NAMPANDANIANY TAMIN'NY KARINEM-POKONTANY (Andry Rajoelina) sy IREO HALABATO SY LAINGA EFA NATAONY Andry rajoelina dia filohan'ny teteza-miitatra (Hat), tamin'ny fanomanana, fampielezan-kevitra sy ny fifidianana 2013, dia efa tamin'ny andro farany, fara-doboka tamin'ny fampielezan-kevitra vao nilaza Rtoa Attalah Béatrice filohan'ny CENIT, fa ny filohan'ny Andrlm-panjakana rehetra dia tsy mahazo manohana kandida ; niaraka hatrany anefa ny kandida Hery sy ny Filohan'ny HAT Rajoelina nandritra ny fampielezan-kevitra 1er tour, "toy ny salaka sy raviny » ; namafisin'ny fanaovana t-shirt miaraka amin'ny prezida Andry Rajoelina (Mapar) 'mihitsy izany tamin'ny 2è tour, satria handatsaka solombavambahoaka marobe, manerana ny nosy izy (Andry Rajoelina), izay lasa maro an'isa tao amin'ny Antenimieram-pirenena avy eo. Izy no tena nagala-bato, satria mbola tsy nisy ny Hvm tamin'izany, izay namafisin'i Andry Rajoelina hoe :'NATAOKO DAHOLO IZAY FOMBA REHETRA HAHALANY AN'i HERY RAJAONARIMAMPIANINA'. Izany fomba rehetra izany, dia tafiditra tamin'ny halabato. Fa raha ny hoe ny fomba hahalany azy fotsiny, dia mety tsy ho tao anatiny angamba hatramin'ny halabato. Nilaza rahateo I JL Robinson fa nangalarina ny vatony na dia tonga nanatrika ny famindram-pahefana teo amin'i Rajoelina sy Hery Rajaonarimampianina teo Mahamasina aza izy. Telo (3) volana talohan'ny fifidianana 2018, dia nitaky I JL Robinson ny hanaovana ny fampitahana ireo PV tamin'ny 2013, hampibaribary ny halatra natao tamin'ny voka-pifidianana izay nazahoany ny fandresena, raha ny vokatra avy amin'ireo PV teo ampelatanany ; tsy nisy, tsy natao izany. Ny nahazendana aza, dia lasa nanohana an'i Andry Rajoelina, ka nandatsaka ny vatony ho an'i Andry izy ny 2018??? Misy volabe mandehandeha ve any ho any??? Manao angoatenda amin'ny resaka hala-bato Andry Rajoelina, fa izy no tena mpangala-bato hatrizay, ka hatr'izao … Koa iza amin'ireo mpikambana ao amin'ny HCC indray re no ho hampiasainy??? Ny tao amin'ny CENI moa die efa fantatra izao … Ka raha resaka baolina kitra ity raharaha ity, dia hamoa-doza indray ve Rtoa Attalah Beatrice amin'ny Fifidianana ny Federasiona Malagasy ny Baolina kitra ; izy sy Atoa Jacques Benony indray izao no manao pasipasy baolina ao ; tamin'ny andron'Atoa J Benony mantsy no nahafaty an'i NTSOA tamin'ny fomba tsy mazava mihitsy, be ireo resabe nalaza tamin'izany fotoana izany ; Andriamanitra mahita ny zava-drehetra, ary tsy misy miafina aminy eto, tsy misy marina izay tsy ho hita!

Antoine Ramanandraibe
Lot III-H…… Andrefan'Ambohijanahary

SARIITATRA: Ilaina mivoaka ny marina ry HCC !

Mpiandry raharaha

PHARMACIE DE GARDE
05/01/19 hatramin'ny 12/01/19

- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54
- **HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48

HURA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao mischo intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 858-01-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

HENOMBY

Lafo ny any Tsiroanomandidy noho ny eto Antananarivo

"Ny omby no laza ary ny olona no harena" , izany no teny filamatry ny faritra Bongolava. Malaza amin'ny tsenan'omby tokoa raha i Bongolava no resahina. Maro mpiompy ihany koa. Saingy malaza tsy hihinanana toa vilian-tsahona fotsiny. Ny 1 kg amin'ny hen'omby: 11000ar ny any Tsiroanomandidy renivohitra amin'izao fotoana izao. Hena tsy matavy, matetika aza omby vavy no amidin'ireo olona manana fahasahiranana ara-bola. Aty Antananarivo anefa 10000 ar ny kg na mahery kely eo, Toamasina 11000 ny kg. Izay omby matavy avy any amin'iny faritra iny avokoa. Malaza tsy hihinanana. Inona no Antony? Ataon'ireo mpanankarena ampihimamba ny varotra hena omby ao an-tanàna izay tiany hanaovany ny vidiny, ny hala-danja manginy fotsiny. Miraviravy tanana ny mpanjifa, tsy manantsafidy, tsy maintsy mividy raha te-hihinana. Izany eo ihany fa ny fanondranana omby ankolaka sy ny fanambakana ataon'ireto mpijirika izay mivondrona amin'ny fikambanana tsy fantampantatra, mitrosa sy mitaky volabe amin'ireo tantsaha hanaovana antotan-taratasim-pivarotana omby etsy andaniny , ary ny tena loza dia ny asan-dahalo, ka mahavoatery ny tantsaha hivarotra mora ny omby sitrany ahay vola kely, laza sisa ny omby raha ny ao Bongolava. Izany rehetra izany no isany mahatonga ny vidinkena ao Tsiroanomandidy ho lafo, ka mampikaikaika ny maro sendra mandalo na koa mivahiny any an-toerana. Ny laza no betsaka fa raha hena aleo any ankafa mamokovoko hoy ny sendra mandalo any Bongolava.

Serge

Angôvo

Mikatso ny asa aman-draharaha noho ny delestazy lavareny

Tapaka amin'ny 03 na amin'ny 03 ora sy sasany maraina ny herin'aratra ary tsy miverina izany raha tsy amin'ny 09 ora antoandro aty Ambatondrazaka. Tapaka indray amin'ny 12 ora latsaka ka amin'ny 08 ora alina vao mandeha. Izany no iainan'Ambatondrazaka renivohitra amin'izao fotoana izao. Tsy fantatra mazava izay antony noho ny tsy fahenoana vaovao. Mitoka-monina araka izany ny renivohi-paritra Alaotra Mangoro, satria sady tsy mahita fahitalavitra no tsy maheno onjampeo ny vahoaka, hany ka tsy maharaka intsony ny fivoaran'ny raaraham-pirenena. Ny tena loza dia miantraika mivantana any amin'ny seha-piharian'ny vahoaka mihitsy io fahatapahan-jiro io satria betsaka ny olona no manao asa fivelomana miankin-doa amin'ny herin'aratra. Mikatso tanteraka ny raharaha rehetra hatramin'ny an'ireo sampan'asa isan-karazany, ka mila herin'aratra. Miakatra araka izany ny maripanan'ny hatezeran'ny olona.

Raoul

RN6

Tapaka ny tetezana ao Marivorahona Ambilobe

Hitoka-monina indray ny faritra avaratry ny Nosy iny. Tapaka tanteraka ny tetezana ao Marivorahona Ambilobe, faritra Diana amin'ny lalampierenena faha-6 na ny RN6. Noho ny firotsaky ny orana nivatravatra ny alin'ny alahady teo, tapaka ny tetezana ao Marivorahoana ,14 km miala an'Ambilobe. Tsy vao izao fotoam-pahavaratra taona 2018 izao ihany no nahitana fahasimbana ny lalana mampitohy an'i Diego sy ny Distrikan'Antsohihy iny fa saika isan-taona, noho ny tsy fisian'ny fikojakojana, ankoatry ny loza voajanahary tsy maintsy mandalo. Efa am-bolana maro no efa nananontanona ny fahatapahan'ny tetezana ao Marivoharona Ambilobe io, saingy tsy nisy fijerena, nisy mihintsy aza mpanao paolitika iray nanao fampielezankevitra mialohan'ny fotoana, nilaza fa hanao an'iny lalana iny, ka nitondrany fitaovana mavesatra fanamboarandalana saingy resaka sy kobaka ambava fotsiny izany. Ity fahatapahan'ny lalana ao Ambilobe ity dia ahiana hampisy fiantraikany amin'ny vidim-piaina any amin'iny faritra avaratra iny. Ny vidin-javatra any an-toerana izay isian'ny fatapahan-dalana, efa nahitana fiakarany sahady noho ny fitaterana manokana hiampitana ny tetezana tapaka sy dibodrano, voatery tsy maintsy mifindra ireo mpandeha na manao transbordement.

Serge

Ilay tetezana tapaka ao Ambilobe.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 265



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0264)

Mitsivalana
- Tetezana
- Ory – Ana
- Manina
- Ry – Manda
(Miv)
- Ora (Miv) – Ro
- Na – Sipa
- Avia – Mof(o)

Mitsangana
- Toerana
- Re (Miv) – Vary (Miv)
- Tim
- AA – Sa
- Zandry
- Mponina (Miv)
- Nana – Ao
- Amy

TENY MIFANARAKA **N° 265**



Mitsivalana

1. Ho hano aho hihinanako anao – Mahantra (Miv) **2.** Rangahy (Miv) **3.** Fety **4.** Solfa – Ahazoana ny siramamy **5.** Nanome toky **6.** Tanalahy – Androany **7.** Maharitra – Karazana lasopy – Vizana **8.** Faran-teny – Manondro zavamaro (Miv) – Ora tsy misy farany **9.** Ahafantarana **10.** Tia, iry – Mitambatra

Mitsangana

A. Iraka **B.** Fiantsoana ny namana **D.** Eny amin'ny habakabaka – Hazo maro (BR) **E.** Manontany – Heloka **F.** Tampisaka (Miv) – Lavo (BR) **G.** Tsy mora – Betsaka (Miv) **H.** Toby (Miv) – Amany (BL) **I.** Matoanteny – Mari-bola **J.** Heno – Ino ? **K.** Toe-bolo – Azo

Valiny Teny mifanaraka 0264

Mitsivalana

1 Mifanatona 2. Avi(y) - Ha 3. Senatera 4. Aiàna - Lota (Miv) 5. Nalaonareo 6. Zo 7. Ny (Miv) - Mamy - AA 8. Elo - Kere (Miv) 9. On - Rano - As 10. Fitarafana

Mitsangana

A. Misangy - Fo (Miv) B. Elo - Neny D. Fanala E. Avana - Mora F. Nitsiza - Ar G. (T)ale - Nomen H. Rao - Fary (Miv) I. Ohatra J. No - Eo (Miv) - Nako (Miv) K. Olona - Sa/ry

HO HAMAFISINTSIKA FA ISIKA TSY MANAIKY

NY HALATRA sy NY HOSOKA

HIJORO ISIKA HIARO NY FAHAMARINANA

ANDAO HIFAMOTOANA

ny talata 08 janoary 2019

amin'ny 10 ora eny amin'ny

Kianjan'ny 13 mai

ISIKA MITAKY NY RARINY. NY MARINA MARINA IHANY.